

FID - Janvier 2024

Sandan-tohitra,
Fototra maha-olona,
Fampivoarana ny vehivavy

*Résilience, Capital humain,*
*Autonomisation des femmes*

**FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT**

*Fenitra tratrarina, mampivoatra sy manarina*

*Direction Générale : Lot III M 39 Ouest Ambohijanahary - Antananarivo 101, Madagascar* *(+261) 20 22 361 97* *direction.generale@fid.mg* *www.fid.mg*

# Ny FID, 30 taona niasana ho an'ny fampandrosoana lovainjafy sy ny fihatsaram-piainana maharitra

Niforona ny taona 1993, ny Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) dia fikambanana tsy miankina miasa ho an'ny tombotsoan'ny mpiara-belona.

Mpiantsehatra amin'ny fampandrosoana ny vondrom-piarahamonina eny ifotony ny FID ary indrindra tamin'ny fanorenana foto- drafitrasa fototra.

Eo ambany fiadidian'ny Primatiora ny FID ary voairaka hampiasa ny famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-piarahamonina eny ifotony.

Rafitra atokisan'ireo governemanta nifandimby, ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, eto an-toerana sy iraisam-pirenena, ary indrindra ireo vondrom-piarahamonina ny FID.

Mahakasika sehatra marolafy ny asa tanterahiny ary miara-miasa amin'ireo rafi-panjakana sy rafitra tsy miankina izy.

Ny soatoavina voizin'ny FID dia mifototra indrindra amin'ny fitondrana «tsara tantana». Ao anatin'izany ny fahitsiana, ny fangaraharana, ny tamberin'andraikitra, ny fandraisan'andraikitra ary ny fitandroana ny rariny.

Mpiantsehatra aman-jatony ary karazan'asa amam-polony no hita ao amin'ny FID, aman-jatony hafa koa ireo orinasa na fikambanana miara-miasa aminy.

Mampiavaka ny FID ny fametrahana fifandraisana akaiky, mampandray andraikitra sy manome lanja ny fahaiza-manao eny ifotony.




Fifanakalozana ankafaliana teo amin'ny Tale lehiben'ny FID sy ireo mpisitraka ny ***Asa Avotra Mirindra.***

*Echanges et convivialité entre la Directeure Principale du FID et les bénéficiaires de* ***Asa Avotra Mirindra.***

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

## *Le FID, 30 années en faveur du développement humain et du bien-être durable*

*Créé en 1993, le Fonds d'Intervention pour le Développement–FID est une association privée reconnue d'utilité publique.*

*Intervenant majeur dans le secteur du développement communautaire et social depuis sa création, le FID a principalement œuvré dans la mise en place d'infrastructures sociales de base.*

*Rattaché à la Primature, le FID est mandaté pour mobiliser des financements afin de contribuer au développement économique et social au niveau local.*

*Partenaire de confiance des Gouvernements successifs, des partenaires techniques et financiers nationaux et internationaux ainsi que des communautés, le FID a œuvré sans rupture.*

*Ses interventions sont multisectorielles et l'association travaille en synergie avec différentes entités, gouvernementales et non gouvernementales.*

*Les valeurs prônées par le FID sont intrinsèques à la bonne gouvernance. Il s'agit de l'intégrité, la transparence, la redevabilité sociale, la responsabilité et l'équité.*

*Le FID c'est des centaines d'acteurs avec des dizaines de métiers, sans compter ceux de ses nombreux partenaires et prestataires. Il se distingue par la construction d'une relation de proximité impliquant et promouvant le savoir-faire local.*





Reny mahomby iray, manara-maso ireo ankizy milalao mandritry ny sehatra mahasoa, ao Ambovombe.

*Une mère-leader surveillant les enfants jouant durant l'espace de bien-être à Ambovombe.*

# Ireo toerana iasan'ny FID

## *Les zones d'intervention du FID**




* 2023

Ireo fandaharanasa ***Asa Avotra Mirindra***, ***Vatsin'Ankohonana***, ***Fiavota***, ***Mijoro*** sy ***Milofo***, izay ao anatin'ny tetikasa Haraton'aina dia arindran'ny Ministeran'ny mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy sy ny Fampivoarana ny vehivavy. Ireo mpiara-miombon'antoka dia ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena, ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka, ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana, ny Ministeran'ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana maharitra sy ny Ofisy nasionaly momban'ny fanjarian-tsakafo ary ny Banky iraisam-pirenena no mpamatsy vola.

*Les programmes de Filets Sociaux de Sécurité, **Asa Avotra Mirindra**, **Vatsin'Ankohonana, Fiavota, Mijoro** et **Milofo**, sont coordonnés par le Ministère de la Population, de la Protection Sociale et de la Promotion de la Femme. Les principaux partenaires sont le Ministère de l'Education Nationale, le Ministère de la Santé Publique, le Ministère de l'Agriculture et de l'Elevage, le Ministère de l'Environnement et du Développement Durable et l'Office National de la Nutrition. La Banque mondiale soutient financièrement les programmes.*

## Ireo lohahevitra iasan'ny FID

## *Les thématiques d'intervention du FID*

Ireo asa tanterahin'ny FID dia manohana ny fampivoarana ny fototra maha-olona, ny sandan-tohitra ary koa ny fanomezan-danja ny vehivavy.

Noho ireo tohana ara-bola, ireo ankohonana sahirana sy marefo dia afaka manjifa ireo tolotra fototra: fanabeazana, fanjariantsakafo, fahasalamana. Afaka mampivoatra ny zanany izy ireo amin'ny alalan'ireo hetsika ho an'ny ankizy madinika ka ho lasa olom-banona sy kinga.

Ny fanapariahana ireo fomba fambolena sy fiompiana vaovao dia manome fahafahana ireo ankohonana hanatsara ny vokatra sy hitandro ny fahampiana ara-tsakafo. Ny fanabeazana ara-bola ary koa ny fampiroboroboana ny fanaovana tahiry sy fampiasam-bola dia manatsara ny fidiram-bola sy manampy amin'ny fiatrehana ireo tranga sarotra.

Ireo fiofanana mahakasika ny fitokisan-tena dia manohana ireo vehivavy handray andraikitra kokoa eo anivon'ny tokantranony sy ny fiarahamonina ary manosika azy ireo hahavita tena.

*Les interventions du FID soutiennent l'investissement dans le capital humain, la résilience ainsi que la capacitation des femmes.*

*Grâce aux compléments de revenus, les ménages pauvres et vulnérables peuvent accéder à des services sociaux de base : éducation, nutrition et santé. Les activités sur la petite enfance leur offrent la possibilité de stimuler leurs enfants pour qu'ils atteignent leur plein potentiel.*

*La promotion de pratiques agricoles et d'élevage innovantes permet aux ménages d'améliorer leur productivité et de préserver ainsi leur sécurité alimentaire. Avec les activités d'éducation financière et la promotion de l'épargne et de l'investissement, ils améliorent leurs sources de revenus pour mieux faire face aux situations difficiles.*

*Les renforcements de capacité sur la confiance en soi soutiennent les femmes à être plus responsables au niveau de leur foyer et de la communauté et les encouragent à être plus autonomes.*




Manohana ny fianaran'ny ankizy amin'ny ambaratonga fototra ny ***Fiavota*** ao Ambovombe.

*A Ambovombe,* ***Fiavota*** *soutient la scolarité des enfants au niveau primaire.*

# Ny vatsy ara-bola ho an'ny fampiroboroboana ny fototra maha-olona

## *Le transfert monétaire pour le développement humain*

***Vatsin'Ankohonana*** sy ***Fiavota*** dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa ***Haraton'aina***.

Izy ireo dia manampy ny fidiram-bolan'ireo ankohonana tena marefo ho fanohanana ny fahafahana manjifa, ny fahampiana ara-tsakafo, ny fanjariantsakafo ary ny fototra maha-olona.

***Vatsin'Ankohonana*** sy ***Fiavota*** dia mitaky ny fandefasana ireo ankizy 6 hatramin'ny 14 taona any an-tsekoly ambaratonga fototra. Manamora ny fahafahan'ireo ankohonana «mpisitraka mandray andraikitra» hahazo ireo tolotra fototra ara-tsôsialy (fahasalamana, fanjariantsakafo, ...) izy ireo ary manome fahafahana azy hampiroborobo asa fivelomana maharitra amin'ny alalan'ireo hetsika fampivoarana.

***Vatsin'Ankohonana** et **Fiavota** sont des programmes de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité.*

*Ils fournissent un soutien aux revenus des familles les plus vulnérables pour stimuler la consommation, la sécurité alimentaire, la nutrition et le capital humain.*

***Vatsin'Ankohonana** et **Fiavota** exigent la fréquentation de l'école primaire pour les enfants de 6 à 14 ans. Ils facilitent l'accès des ménages acteur-bénéficiaires aux services sociaux de base (santé, nutrition, ...) et leur permettent de développer des moyens de subsistance durables grâce aux actions de développement ou mesures d'accompagnement.*

**96%** Taux d'assiduité des enfants scolarisés




«Noho ny ***Vatsin'Ankohonana*** dia afaka mampianatra ireo zanako telo mianadahy aho. Ilay lahimatoako izao dia afaka CEPE soa amantsara. Maniry aho ny mba ho lasa mpampianatra na mpitsabo izy any aoriana any. Tiako tokoa raha mba tafita tsara amin'ny fianarana tsara ireo zanako telo ireo.»

*«Grâce à **Vatsin'Ankohonana**, je peux envoyer mes trois enfants à l'école. Mon ainé a réussi son examen du CEPE. Je souhaite qu'il devienne, plus tard, enseignant ou médecin. Je voudrais également que mes trois enfants réussissent leur scolarité.»*

***RASOANANDRASANA Marie Henriette***
*Ambohidranandriana, Antsirabe II, Vakinankaratra*

# Haraton'aina ho an'ny famokarana

## *Les Filets Sociaux Productifs*

***Asa Avotra Mirindra*** dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa ***Haraton'aina***. Manome asa atakalo vola ho an'ireo vondrom-piarahamonina tena marefo mba hanatsarany ny famokarana eny ifotony ary hitandroany ny tontolo iainana.

***Asa Avotra Mirindra*** dia manamafy ny fahafahan'ireo «mpisitraka mandray andraikitra» mamokatra amin'ny alalan'ny fampiofanana ara-teknika momba ny fambolena sy fiompiana nohatsaraina. Ireo fahaiza-manao ireo dia manome fahafahana azy ireo hanana karazana asa fivelomana ary hiantoka ny fahampiana ara-tsakafo sy ny fampiatiana ara-toe-karena.

Ireo hetsika fampivoarana, na tantsoroka, dia manampy amin'ny fihatsaram-piainana maharitra.

***Asa Avotra Mirindra*** *est un programme de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité. Il propose des travaux rémunérés aux communautés les plus vulnérables pour améliorer la productivité locale et préserver l'environnement.*

***Asa Avotra Mirindra*** *renforce les capacités productives des acteur-bénéficiaires en leur fournissant des formations techniques sur les pratiques agricoles améliorées. Ces compétences leur permettent de diversifier leurs moyens de subsistance, favorisent la sécurité alimentaire ainsi que l'inclusion économique.*

*Les actions de développement, ou mesures d'accompagnement, améliorent durablement leurs conditions de vie.*

**60%** Des bénéficiaires ont adopté des pratiques agricoles plus productives et plus durables




«Talohan'ny ***Asa Avotra Mirindra*** dia tsy noheveriko ho azo atao fidiram-bola ny fanamboarana harona. Ho ahy dia fanalan'andro fotsiny izany. Noho ireo fampiofanana noraisinay dia lasa aiko ny nampivelatra azy io ho lasa loharanom-bola.»

*«Avant **Asa Avotra Mirindra**, je ne pensais pas que la vannerie pouvait me rapporter de l'argent. Pour moi, c'était plus une distraction. Grâce aux formations que nous recevons, j'ai appris comment en faire une source de revenus.*

***RAZAFINDRAVAO Marie Augustine***
*Ambondrona, Isandra*
*Matsiatra Ambony*

# Haraton'aina an-tanan-dehibe

***Mijoro*** sy ***Milofo*** dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa ***Haraton'aina***. Fandaharanasa santatra izy ireo ho an'ireo ankohonana marefo an-tanan-dehibe.

***Mijoro*** dia manampy ireo ankohonana an-tanan-dehibe marefo, amin'ny alalan'ny vatsy ara-bola tsy misy fepetra sy tantsoroka mampivoatra ny maha-olona, mba handray anjara amin'ireo tolotra mampiroborobo ny fototra maha-olona. Ny fandaharanasa dia natao ho an'ireo ankohonana marefo manan-janaka kely sy ireo ankohonana sahirana tsy manana hery enti-miasa sy manana fanampi-paharefoana.

***Milofo*** dia sahanasa santatra ahitana asa ho an'ny tombotsoan'ny mpiara-belona sy fampiatiana ara-pamokarana. Manome fahafahana ireo ankohonana sahirana mba hanana loharanom-bola fanampiny amin'ny alalan'ny fanofanana teknika sy fianarana asa vaovao izay manampy azy ireo hampiroborobo seha-pihariana maharitra.

Noho ireo hetsika fampivoarana na tantsoroka, dia manamora ny fahafahan'ireo ankohonana «mpisitraka mandray andraikitra» mahazo ireo tolotra marolafy sy mirotsaka amin'ny seha-pihariana samihafa izay mampivoatra ny fari-piainany amin'ny fomba maharitra ny ***Haraton'aina*** an-tanan-dehibe.



Ireo mpisitraky ny ***Milofo*** eo am-pampiharana ny fomba famokarana arina vita amin'ny akora mora lo ao Soavinandriana, Antananarivo.

*Les bénéficiaires de **Milofo** en pleine application de la fabrication du charbon écologique à Soavinandriana, Antananarivo.*

# *Les Filets Sociaux Urbains*

***Mijoro*** *et* ***Milofo*** *sont des programmes de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet* ***Filets Sociaux de Sécurité****. Il s'agit de programmes pilotes à l'endroit de ménages vulnérables en milieu urbain.*

***Mijoro*** *fournit un paquet de soutien à certains ménages urbains vulnérables, à travers des transferts monétaires inconditionnels avec des mesures axées sur le développement humain, pour les encourager à participer à des services de capital humain. Le programme s'adresse aux ménages vulnérables avec de jeunes enfants et aux ménages pauvres sans capacité de travail et présentant des vulnérabilités supplémentaires.*

***Milofo*** *consiste en une expérimentation à petite échelle d'interventions de travaux publics et d'inclusion productive. Il offre l'opportunité à certains ménages pauvres d'accéder à des revenus supplémentaires grâce aux formations techniques et professionnalisantes qui leur permettent de développer des activités productives durables orientées vers une économie circulaire.*

*Les* ***Filets Sociaux Urbains****, grâce aux actions de développement appelées mesures d'accompagnement, favorisent l'accès des ménages acteur-bénéficiaires aux services existants ainsi qu'aux opportunités économiques leur permettant d'améliorer durablement leurs conditions de vie.*




«Nikarama nanamboatra tavy vita tanimanga amin'ireo olona manodidina no asa nivelomanay mivady. Nohon'ny fandaharanasa ***Mijoro*** dia afaka nanangana ny orinasa kelinay izahay, izay miantoka tanteraka ny filanay andavanandro. Nahafahanay mampianatra ny zanakay vavy kely eny amin'ny sekoly tsy miankina tsara iray ny vola miditra aminay. Tanjona ho anay ny hanome fahafahana ireo zanakay ho avy hamita fianarana arak'izay tratra sy hanana fiainana mety kokoa.»

*«Mon mari et moi avions travaillé pour des potiers du village pour subvenir à nos besoins. Grâce au programme* ***Mijoro****, nous avons pu monter notre propre atelier de poterie qui assure pleinement nos besoins quotidiens. Nos revenus nous permettent de scolariser notre petite fille dans une école privée sérieuse. Notre ambition est de faire en sorte que nos futurs enfants aient l'opportunité de faire des études le plus loin possible et d'être dans une situation plus confortable.»*

***VOLOLONIAINA Marie Hortensia***
Kaominina an-drenivohitra
Commune Urbaine Fianarantsoa

# Ny fandaharanasa natao hiarenana amin'ny voina

## *Les activités de réponses aux crises*

***Asa Vonjy voina*** dia fandaharanasa fiahiana mpiara-belon'ny Governemanta malagasy ao anatin'ny tetikasa ***Haraton'Aina***.

Ireo sahanasa natao hiarenana amin'ny voina dia mamaly karazana tranga vokatry ny hamehana (loza voajanahary, krizy ara-pahasalamana). Izy ireo dia manampy amin'ny fanarenana haingana ireo vondrom-piarahamonina marefo amin'ireo faritra an-drenivohitra sy ambanivohitra voakasika.

Ny fandaharanasa natao hiarenana amin'ny

voina dia ahitana :

- ny asa tanamaro sandaina vola ;
- ny vatsy ara-bola tsy misy fepetra ;
- ary ny fanarenana na fanorenana ireo fotodrafitrasa fototra voakasiky ny loza.

Ireo sahanasa tanterahina ao anatin'ny ***Asa Vonjy Voina*** dia eo ambany fiadidian'ny Birao nasionaly misahana ny loza sy ny tandindin-doza.

*__Asa Vonjy Voina__ est un programme de protection sociale du Gouvernement malagasy dans le cadre du projet Filets Sociaux de Sécurité.*

*Les activités en réponse aux crises répondent à un large éventail de situations d'urgence (catastrophes naturelles, crise sanitaire).*

*Elles soutiennent le relèvement rapide des communautés vulnérables dans les zones urbaines et rurales affectées.*

*Le programme de réponses aux crises comprend :*

- *les activités Argent Contre Travail en haute intensité de main d'oeuvre (ACTHIMO) ;*
- *les transferts monétaires non conditionnels ;*
- *et la réhabilitation/reconstruction post-catastrophes des infrastructures sociales de base endommagées.*

*Les interventions sont menées sous la saisine opérationnelle du Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes (BNGRC).*




Mitandahatra ireo olona hanao asa tanamaro hanadio ny lakan-drano eny Tsaramasay, Ankazomanga ary Anosivavaka noho ny oram-be tao Antananarivo.

*Les travailleurs __Argent Contre Travail (ACT)__ en route pour assainir les canaux le long de Tsaramasay, Ankazomanga et Anosivavaka suite aux pluies diluviennes à Antananarivo.*

## Ny fampijoroana ho olom-pirenena

## *La Gouvernance citoyenne*

Ny fampijoroana ho olom-pirenena dia ampiarina ao anatin'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona tanterahin'ny FID.

Izy io dia mampandray andraikitra ny tsirairay eo amin'ny fitantanana ny raharaha ho an'ny tombotsoan'ny daholobe. Asaina ireo mpiantsehatra rehetra, na ny tantanana na ny mpitantana, handray anjara mavitrika amin'izany miaraka amin'ny fihetsika mampiseho ny maha olom-pirenena.

Ny fampijoroana ho olom-pirenena dia miteraka fifampitokisana sy fandraisan'andraikitra eo anivon'ny mpiara-monina. Miankina amin'ny fanaovana adidy sy fandraisana andraikitra eo amin'ny fiarahamonina, ny mangarahara ary ny tamberin'andraikitra ny fampijoroana ho olom-pirenena.

*Le principe de gouvernance citoyenne s'applique aux programmes de protection sociale mis en œuvre par le FID.*

*Il s'agit de l'inclusion de chaque individu dans la conduite des affaires publiques à travers un ensemble de mécanismes. Tous les acteurs, gouvernés ou gouvernants, sont invités à y participer activement avec une attitude positive citoyenne.*

*La gouvernance citoyenne permet de créer des liens de confiance au sein des communautés et à engager la citoyenneté. Elle repose sur la transparence, la redevabilité, l'engagement citoyen et la participation citoyenne.*




Manangan-tsaina ireo mpisitraka ny ***Fiavota*** ao Amboasary Atsimo alohan'ny fanaovana ny sehatra mahasoa.

*Les bénéficiaires procédant à la levée de drapeau avant la tenue de l'espace de bien-être de **Fiavota** à Amboasary Atsimo.*

# Ireo hetsika fampivoarana na «tantsoroka»

Eo anivon'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona, ny tantsoroka dia hetsika fampivoarana hitarihana ireo «mpisitraka mandray andraikitra» mba hahavita tena sy hanatsara amin'ny fomba maharitra ny fari-piainany.

Entanina ireo «mpisitraka mandray andraikitra» ho amin'ny fanatsarana ny fiainan-tokantranony, hahay hitantana ny fananany, hiroso amin'ny asa fivelomana maharitra sy hivelatra eo amin'ny fiaraha monina.

Mandritry ny «Sehatra Mahasoa» sy ny «Sehatra fanatsarana famokarana» no mandranto fahalalana sy manamafy ny fahaiza-manaony ireo ankohonana amin'ny alalan'ny fifanakalozana sy fanabeazana.

- Ireo hetsika fampivoarana dia manampy ireo ankohonana «mpisitraka mandray andraikitra» hitandro ny fototra maha-olona : fahasalamana, fahadiovana, fanjarian-tsakafo, fanabeazana, fandridram-piterahana, fitaizana zaza madinika, fahavitantenan'ny vehivavy, fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy ho an'ny olon-dehibe, fampivoarana ny maha izy ny tena.

- Ireo hetsika fampivoarana dia manohana ihany koa ny fampiatiana ara-toekarenan'ireo «mpisitraka mandray andraikitra» mba hirosoan'izy ireo amin'ny fahavitantena. Mianatra manatsara ny famokarana, amin'ny alalana fiofanana ara-teknika izy ireo. Entanina koa izy ireo hahay hitantam-bola ary hampiroborobo «asa mampidi-bola maharitra» amin'ny alalan'ireo Vondron'Olona An-toerana miara-MAnao tahiry sy MIfampindram-bola (VOAMAMI).




«Dibo-drano ny tranonay ary simba taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Cheneso. Nivonto ny tongotro dia tsy afaka nanangona ny entako aho ka nisy lasan'ny rano. Soa ihany fa nisy ny ***Asa Vonjy Voina*** ahafahana mividy sakafo sy miantoka ireo fandaniana fototra ary mamerina ireo kojakoja toy ilay vilany keliko lasan'ny rano.»

*«Notre maison a été inondée, avec une enflure au pied, je n'ai pas pu ramasser mes affaires dont une partie a été emportée par les eaux. Grâce à **Asa Vonjy Voina**, je vais pouvoir m'acheter à manger et assurer les dépenses essentielles ainsi que racheter des ustensiles comme ma petite marmite qui a été emportée.»*

***Rasoazafy Tombo***
*Anosinalainolona, Marovoay - Boeny*

## *Les actions de développement appelées «Mesures d'Accompagnement»*

*Au cœur des programmes de protection sociale, les mesures d'accompagnement sont des actions de développement qui permettent aux ménages bénéficiaires de renforcer leur autonomie et d'améliorer durablement leurs conditions de vie.*

*Les acteur-bénéficiaires sont encouragés à s'occuper du bien-être de leur famille, à mieux gérer leurs ressources, à s'engager dans des activités économiques durables et à s'épanouir socialement.*

*Les familles acquièrent des savoirs et renforcent leurs capacités au moyen de sessions d'échanges et d'apprentissage au cours des «Espaces de bien-être» et des «Espaces productifs».*

- *Les actions de développement préservent le capital humain par la promotion du bien-être familial : santé, hygiène, nutrition, éducation, planification familiale, petite enfance, autonomisation des femmes, alphabétisation des adultes, développement personnel.*

- *Les actions de développement favorisent également l'inclusion économique des ménages acteur-bénéficiaires pour qu'ils soient plus autonomes. Ils apprennent à améliorer leur capacité de production, à travers des formations techniques. Ils sont également sensibilisés à mieux gérer leurs finances et à développer des activités génératrices de revenus plus pérennes, notamment par le biais des Associations Villageoises d'Epargne et de Crédit (AVEC).*

**92%** **des acteur-bénéficiaires** ont adopté les **pratiques positives pour le bien-être** familial

**90%** des acteur-bénéficiaires **ont investi dans des activités génératrices de revenus**

**80%** **des femmes bénéficiaires** sont **devenues plus responsables** au niveau de leur foyer et de la communauté




«Nahazo fanentanana momba ny ady amin'ny fampanambadiana ny zaza izahay. Tamin'izay no nahatsapako fa ratsy ho an'ny hoaviko raha manambady aloha loatra aho. Resy lahatra aho fa ny tena zava-dehibe ho antsika ankizy, tanora dia ny fianarana.

*«Nous avons été sensibilisés sur la lutte contre le mariage des enfants. J'ai ainsi compris que me marier tôt gâcherait mon avenir. Je suis convaincue de l'importance des études pour nous enfants, jeunes.*

***Itandrove, 13 taona/ans***
*Azafady Babako*
*Betsimeda, Ambovombe Androy*

## Ny fitantanana ireo ambana mety hanimba ny tontolo iainana sy ny fiarahamonina

## *La gestion des risques environnementaux et sociaux*

Ny fitantanana ireo ambana mety hanimba ny tontolo iainana sy ny fiarahamonina, dia mitsinjo ireo tandindon-doza sy mety ho fiantraikan'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona tanterahin'ny FID amin'ny tontolo iainana sy ny fiarahamonina.

Ireo hetsika fitantanana ara-tontolo iainana sy ara-piarahamonina dia mitandro ny fahasalamana. Izy ireo dia manohana ihany koa ny fiatiana ara-tsosialy sy ny fiheverana ny resaka miralenta eo amin'ny fanatanterahana ireo fandaharanasa. Mitandro ny filaminan'ireo olona miasa sy ireo vondrom-piarahamonina voakasiky ny fandaharanasa ihany koa ireo hetsika ; ary mampiroborobo ny fitantanana maharitra ireo harena voajanahary amin'ny fitandroana ny zava-manan'aina sy ny fitandroana ny loto.

*La gestion des risques environnementaux et sociaux, gère les risques ou potentiels impacts environnementaux et sociaux des programmes de protection sociale mis en œuvre par le FID.*

*Les actions de gestion environnementale et sociale préservent la santé. Elles encouragent l'inclusion sociale et l'intégration de la dimension genre dans la mise en oeuvre des programmes. Elles favorisent la sécurité des travailleurs et de la communauté concernée par les programmes. Elles promeuvent la gestion durable des ressources naturelles par la conservation de la biodiversité et la gestion de la pollution.*



Tao aorian'ny fandalovan'i Cheneso, nodiovina ireo lakan-drano tao Ilanivato Antananarivo hahafahan'ireo rano mikorina tsara.
*Après le passage de Cheneso, les canaux, à Ilanivato Antananarivo, sont assainis pour permettre aux eaux de s'écouler convenablement.*







Asa fanajariana natao teto Ambohitrimanjaka Soavinandriana, tao anatin'ny ***Asa Avotra Mirindra***, ho fiarovana ny tany tsy ho kahon'ny riaka, ho fanitarana ny velaran-tany volena ary indrindra ho fampitomboana ny vokatra amin'ny alalan'ny teknika nohatsaraina.

*Travaux d'aménagement de paysage réalisés à Ambohitrimanjaka Soavinandriana, dans le cadre de* ***Asa Avotra Mirindra****, pour éviter l'érosion du sol, pour étendre la superficie cultivée et pour augmenter le rendement grâce à des techniques améliorées.*

## Asa fanorenana fotodrafitrasa fototra

## *La mise en place d'infrastructures*

Ny FID dia mbola manatanteraka ***asa fanorenana fotodrafitrasa fototra***.

Ao anatin'ny tetikasa fanohanana ny fanabeazana fototra, izay tetikasan'ny Governemanata malagasy, dia omena tantsoroka ireo vondrom-piarahamonina FEFFI (Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony) hanorina fotodrafitrasam-pampianarana.

Ny «fitantanan'ny vondrom-piarahamonina» dia mampandray andraikitra azy ireo amin'ny sahanasa samihafa amin'ny fanorenana fotodrafitrasam-pampianarana (fitantanana ara-bola, fitantanana ny fanomezana ny tsena...).

Ny tetikasa dia manatevina ny fahafahana sy ny fahalalan'ireo vondrom-piarahamonina amin'ny fanorenana sy ny fikolokoloina ary ny fitantanana ireo tranon-tsekoly.

*Le FID reste actif dans la **mise en place d'infrastructures sociales de base**.*

*Dans le cadre du Projet d'Appui à l'Education de Base (PAEB), un projet du Gouvernement mlagasy, les communautés FEFFI (Farimbon'Ezaka ho Fahombiazan'ny Fanabeazana eny Ifotony) sont accompagnées à mettre en place des infrastructures scolaires.*

*L'approche de gestion communautaire implique et responsabilise les communautés dans la construction des infrastructures scolaires pour différentes activités (gestion financière, gestion de passation de marchés...).*

*Le projet permet de renforcer les capacités et les compétences des communautés dans la construction, l'entretien et la gestion des constructions scolaires.*




Efitrano fianarana ao amin'ny CEG Betsinjaka Toliara tao aorian'ny fanarenana noho ny fandalovan'ny rivodoza Freddy.

*Une salle de classe du CEG Betsinjaka à Tuléar après sa réhabilitation suite au passage du cyclone Freddy.*